Rajoelina 2

**Miaro tombontsoa Frantsay nefa mbola te ho filoha Malagasy**

Governora misain-jaza 3

**Nentiny nilalao ny fiaram-panjakana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 8 aogositra 2023 Laharana 1460 Vidiny : 600 Ar


Fifidianana. Tanora TIM Toamasina I 2

**Vahaolana ho an'ny tanora koa ny Filoha Ravalomanana**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Famotsorana an'i Ninie Donia 3

## Tsy nasian-dRajoelina sira hatreto ny fangatahan'i Wawa



Mangabe, Antenina Toamasina II 2

## Olona 6 nataon'ny dahalo takalon'aina, 1 namoy ny ainy



Miala Rajoelina 6

## Tsy tambo isaina ny fandikan-dalàna nataony sy ny tandapa miara-komana aminy

**J - 32**

Kianja Academica Andohatapenaka 6

## Miha-miroborobo ny tournoi FC Amirale



Tanora TIM sy Rossignol Group Mada 2

**Ankizilahy kely miisa 100 natao didimpoitra maimaimpoana**

CFP Gica Ambolokandrina 7

**Mpiofana arak'asa nahazo diplaoma ara-panjakana**

**Daka kely**

Tsy fifidianana no tadiavin'ialahy isany atao ry Boaikely fa fividianana a !

**FIFIDIANANA. TANORA TIM TOAMASINA I**

# Vahaolana ho an'ny tanora koa ny Filoha Ravalomanana




Azo lazaina ho fahombiazana ny fihaonamben'ny Tanora TIM Tomasina I, faritra Atsinanana ny faran'ny herinandro teo, satria nahatratra 300 mahery ireo tanora resy lahatra tonga nandritra izany. Namondrona ny mpikatroka Tanora Tim ao anatin'ny distrikan'i Toamasina voalohany ireo mpitarika ny Tanora Tim ao Toamasina, ka vory lanona ny tanora vonona hifanome tanana amin'ny antoko amin'ny fiatrehana ny fifidianana. Resy lahatra avokoa ny mpizaika nandritra izany, fa ny kandida ho filoha Marc Ravalomanana ihany, no vahaolana farany ho an'ny tanora. Nanentana ireo tanora mbola matoritory ihany ko aizy ireo, fa fotoanan'ny fifohazana izao raha te hanova ny tantaran'ity Nosy malalantsika ity. 300 mahery ireo tanora tonga avy amin'ny Firaisana 5 ao anatin'ny distrikan'i Toamasina voalohany. Efa mipetraka ihany koa ny rafitry ny Tanora Tim ao amin'ny Oniversite Barikadimy. Hiparitaka amin' ireo boriboritany 5 ao amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana izy ireo, hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana amin' ny fifidianana ho avy.

***Isambilo***

Ankizilahy kely miisa 100 natao didimpoitra maimaimpoana

# Ankizilahy kely miisa 100 natao didimpoitra maimaimpoana



*Ny didimpoitra maimaimpoana faobe natao tao amin'ny sekoly Rossignols Ambohimanarina.*

Ankizilahy kely miisa 100 teo, no natao didimpoitra maimaimpoana faobe, tao Ambohimanarina boriboritany faha-6 ny sabotsy teo. Tontosa izany hetsika sosialy izany, noho ny fiaraha-miasan'ny Rossignol Group Mada tarihan'i Lalaina Rabezanahary, sy ny Tanora TIM Ambohimanarina. Tao amin'ny sekoly Rossignols Ambohimanarina, no nanaovana izao hetsika sosialy izao. Nisy ny fizarana fanafody sy kilalao ho an'ireo ankizy natao hasoavana. Anisan'ny nanampy nikarakara ny hetsika koa hoy Lalaina Rabezanahary : Heriniaina Solofo Razanadrakoto, Noro Seheno, Rado Keynes, Rojovola , Aina... Nirary ireo ankizilahy kely ireo tsy ho ela fery izy. Efa fanaon'ny Rossignol Group Mada sy ny Tanora TIM Ambohimanarina isan-taona amin'ny andro ririnina toy izao, izao hetsika sosialy izao.

***Isambilo***

Mangabe, Antenina Toamasina II

# Olona 6 nataon'ny dahalo takalon'aina, 1 namoy ny ainy

Miseho lany koa ny tsy fandriampahalemana amin'izao fotoana any Toamasina II faritra Atsinanana. Olona 6 no nataon'ny dahalo takalon'aina afak'omaly alina, 1 namoy ny ainy nandritra izany fanafihana izany. Tany amin'ny kaominina Mangabe sy Antenina no nisy izao fanafihana malaso izao. Andian'olon-dratsy maro, nirongo fitaovam-piadiana mahery vaika no nanafika ireo tanàna ireo. Hatramin'ny afak'omaly, nitohy ny omaly, no nanao fanarahan-dia ny fokonolona tany an-toerana. Nanao antso avo tamin'ny tompon'andraikitra koa izy ireo hanampy tamin'ny fanenjehana. Avy any Mangabe, nizotra nankany Antenina ireo olondratsy tany amin'ny faritra mampisaraka ny distrikan'i Toamasina II sy Ambatondrazaka, niezaka niditra tany anaty ala ireo olon-dratsy. Nanao antso avo tamin'ny hanampiana azy ireo koa tamin'izany ny ben'ny tanànan'Antenina, ny amin'ny andefasana helikoptera tany an-toerana, satria izany no anisan'ny vahaolana haingana anenjehana ireo dahalo. Na tsy nitovy aza ny hery teo amin'ireo dahalo sy fokonolona, votsotra ihany tamin'ny ora farany ireo takalon'aina 6.

***Stefa***





*Habibiana nataon'ireo dahalo tany Mangabe sy Antenina Toamasina II.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Rajoelina

# Miaro ny tombontsoa Frantsay nefa mbola te ho filoha Malagasy

Manomana fatratra ny fifidianana ho amin'izay eritreriny sy ny tanjony kendreny ny fitondrana Rajoelina sy ireo olony ao anaty andrim-panjakana samihafa. Anisan'izany ny baiko nomen'ny minisitry atitany vao tsy ela izay ho an'ireo lehiben'ny distrika. Efa nilaza ny heviny momba izany ny avy amin'ny fanoherana fa paipaik'ady politika ho fampandaniana ny kandidam-panjakana izany fihetsika izany. Fa tsy mihaino sy mody fanina amin'izany toy ny fomba fanaony ny fitondrana. Tamin'ity herinandro ity ihany koa dia fantatra fa nanamafy ny filazàny teo aloha ny HCC, ny amin'ny hoe izay tsy mizaka ny zom-pirenena malagasy dia tsy afaka hirotsaka hofidiana filoham-pirenena. Ny mampiahiahy tanteraka, tsy re manamafy sy hentitra mihitsy ity andrim-panjakana ity, tsy miresaka izy ny momba ny amin'ny hoe izay mizaka ny zom-pirenena frantsay dia tsy afaka hirotsaka hofidiana. Ity fizakana ny zom-pirenena frantsay nataon-dRajoelina ity anefa no tena olana iray lehibe eto amin'ny firenena izao. Tsy azo ekena ny fizakana ny zom-pirenena frantsay ho an'izay te ho filoham-pirenena malagasy. Soa ihany fa efa 32 andro sisa: J- 32 dia hametra-pialana ity filoha Vazaha mitondra ny Malagasy ity raha mbola hirotsaka. Hikimpy amin'izany indray koa ve ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC)? Ny nataon'ny teo alohany aza ity mbola manahiran-tsaina sy miteraka fanontaniana maro sy adihevitra be izay tsy hifarana velively. Raha mbola minia miroso amin'izany ny HCC ankehitriny dia tsy mivaky loha mihitsy amin'izay hoavin'ity firenena ity sy ny taranaka hoavy hifandimby rehetra.

Tsy maintsy sarotiny sy saropiaro tanteraka amin'ny fiandrianam-pirenena ny vahoaka malagasy, ny olom-pirenena malagasy amin'izao fotoana izao. Tsy amidy sy tsy omena ny vahiny velively ity Nosy malalantsika nolovaina tamin'ny razana ity. Tsy azo ekena ny hisiana filoham-pirenena malagasy mizaka ny zom-pirenena frantsay, fa mazava loatra, tsy maintsy saribakolin'ny fitondrana frantsay izy n'inona n'inona fanazavana atao. Tsy hanome lanja ny tombontsoan'ny firenena malagasy miohatra ny amin'ny tombontsoan'i Lafrantsa eto velively izy. Araka izany dia tsy maintsy hitohy ny fitsetsefan'ny fitondrana frantsay ny harem-pirenena eto amin'ny Nosy sy indrindra amin'ireo Nosy manodidina, izay takiana ny hiverenany amin'ny Malagasy. Tsy ho azon'ny Malagasy madiodio izany ireo Nosy ireo raha mbola Andry Rajoelina no ho eo amin'ny fitondrana. Efa maro ireo lahatsoratra nosoratana momba izany teto tao anatin'izay dimy taona nitondrany izay.

Ankehitriny mena-mitaha amin'ny firenen-kafa i Madagasikara noho ny fahantrany lalina. Mbola ambakan'ilay kolonely afrikana nivory tany Rosia, sahy niteny namaky bantsilana ny zava-misy sy naneho ny heviny momba ny tokony ho fitondran-tenan'ny filoham-pirenena aty amin'ny kaontinanta afrikana ihany koa, i Andry Rajoelina. Mazava loatra tsy sahy hanao toy ireny izy, satria… olon'ny Frantsay, ary i Madagasikara ekeny hatrany ho voafatotra sy gejain'i Frantsa toy izao.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina. J- 32

# Tsy tambo isaina ny fandikan-dalàna nataony sy ny tandapa miara-komana aminy

Tsy ho tapitra mihitsy ny resaka fifidianana sy ny manodidina azy, amin'izao roa ambitelopolo andro : J- 32, mialohan'ny fametraham-pialàn-dRajoelina Andry Nirina eo amin'ny fitondrana izao na hahazo mirotsaka izy na tsia. Ity toe-javatra iray farany ity aloha dia tena mahatonga resabe mihitsy, satria mazava ary tsy iadian-kevitra intsony ny voalazan'ny lalàna momba izany kanefa iainana hatramin'ny tetezamita ny fanitsakitsahan-Rajoelina Andry Nirina ny lalàna. Anisan'izany ny « Tondro zotra » izay tsy noraharahiany mihitsy ka ny hasongadina manokana amin'izany ny tsy nanoneran'ny tetezamita ny tambin'ny fandrobana sy fandorana ny fananan'olona toy ny TIKO sy Magro ary ny MBS kanefa dia izy mihitsy no nanome « tsodrano » ireo nahavanon-doza. Natao ny fifidianana Filoham-pirenena ny taona 2018 kanefa dia nitsakitsahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ka tsy noraharahian'ity andrimpanjakana ity ireo fitarainana nahatratra roanjato mahery. Efa tsy teo amin'ny toeran'ny filohan'ny HCC tamin'izany vao namaky bantsilana ireo « doublon » nahatratra roa hetsy sy iray tapitrisa satria, hono, raha natao tamin'ny fotoana izany dia nisy ny korontana noho ny vavan-dRajoelina Andry Nirina nilaza fa tsy maintsy lany izy ary nanamarina izany ny nampidirana an-tsokosoko fitaovam-piadiana mahery vaika. Izay ny tamin'ny tetezamita, fa tao anatin'izay efatra taona nitondran-dRajoelina Andry Nirina izao Repoblika IV-2 izao dia tsy tambo isaina ny fandikan-dalàna nataony sy ireo tandapa miara-komana aminy. Rehefa tsy manatanteraka sy tsy nanaja ny zavatra nampanantenaina dia azo lazaina fa nandainga sy nandika lalàna satria « chose promise, chose due » hoy ny hainteny frantsay. Tsy vitsy ireo tsy maty manota ao anatin'izao fitondrana izao ary manaporofo izany ny nanaovana mazia nampivadika volamena 38 kg ho bolongam-by tao anaty « coffre » tao amin'ny Minisiteran'ny Harena an-Kibon'ny Tany na dia nisy famindram-pahefana aza teo amin'ny minisitra nesorina tamin'izany sy ny Praiminisitra amin'izao fotoana izao. Ny solombavambahoaka voafidy ao amin'ny Boriboritany-2 eto an-drenivohitra dia tratra naniraka olona nitatitra hazo sarobidy (voamboana), izay voarara ny fanapahana izany kanefa dia hoy ny filohan'ny Antenimieram-pirenena : « izay tsy nanota taminareo no aoka hitora-bato azy ». Tsy azo eritreretina fa filohan'ny Fahefana Mpanao Lalàna no manitsakitsaka lalàna toy izany ary mampiasa Andinin-tsoratra Masina. Rehefa miteny, hono, Rajoelina Andry Nirina dia lalàna mivoaka izany, nambarany anefa fa kianjan'ny demokrasia ny eo Ambohijatovo kanefa dia tsy azon'iza n'iza idirana sy amoriam-bahoaka ao satria herim-pamoretana no miambina ny vavahady rehefa faran'ny herinandro. Raha resaka demokrasia dia anisan'ny hetsika maneho izany fahafahana miteny sy mitsikera ny tsy mety rehetra. Taonam-pifidianana ity taona 2023 ity ary afaka manao kongresy sy mamory olona an-kahalalahana ny antoko politika sy mpanao politika rehetra. Zo fototra ho an'ny tsirairay ihany koa ny mivezivezy eto amin'ny Firenena ho an'ny Malagasy rehetra kanefa dia sakanana tsy mahazo miditra any amin'ny toerana tiany aleha ny olompirenena tsy ao anatin'ny fitondrana. Ny tena mahatonga resabe manodidina ity fifidianana amin'ny volana novambra ity dia ny nahatongavan'ny Komity Fakan-kevitry ny Sadc (Comité Consultatif) teto momba ny Fifidianana. Tsiahivina aloha fa ity Fivondronam-paritra ity ihany no namoaka ny "Tondro Zotra" tamin'ny tetezamita ka tsy mahagaga raha misy amin'ireo mpomba ny fitondrana milaza fa fitsabahana amin'ny raharaha politika eto no ataon'ny Sadc kanefa firenena manana ny « fahaleovantenany » sy ny « fiandrianany » i Madagasikara. Tsara ho fantatra koa fa nanao sonia ny sata mifehy ity Fivondronam-paritra ity i Madagasikara, ka tsy maintsy manaraka sy manaja ny fifampifehezana ny mpikambana ao. Mbola matahotra ny hisian'ny korotana ara-politika ihany ve ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny Fitsarana, ka tsy ho sahy hamoaka didy tsy hahafahan-dRajoelina Andry Nirina mirotsaka kandidà satria frantsay ? Na inona na inona anefa hitranga dia ny Malagasy tena Malagasy tia ny Tanindrazany ary tsy manaiky vazaha nanjanaka hanandevo azy intsony dia hanapoaka ny sarom-bilany raha mbola hisy ny fanaovana tsinontsinona azy.

***Andry Tsiavalona***

### FAMOTSORANA AN'I NINIE DONIA

# Tsy nasian-dRajoelina sira hatreto ny fangatahan'i Wawa



*Wawa, nandohalika tamin'ny mpitondra ny amin'ny hamoahana an'i Ninie Donia.*

Tsy nasian'ny filoha Andry Rajoelina sira hatreto ny fangatahan'ny mpanakanto Wawa, ny amin'ny hamoahana any amponja ny mpanakanto Ninie Donia, izay voatazona any amin'ny fonjan'i Nosy-Be faritra Diana amin'izao fotoana. Mbola mitsidika ny any Rwanda amin'izao fiandohan'ny herinandro izao, ny filoha malagasy ninia naka zom-pirenena Frantsay, ka ho hita eo ny ho valinteniny sy ny ho ataony rehefa tafaverina avy any Kigali. Raha tsiahivina, an-dranomaso no nangatahan'i Wawa amin'ny Filoham-pirenena ny hamoahana am-ponja an'i Ninie Donia. Nandohalika, latsa-dranomaso ny mpanakanto Andriamahazo Joël Issoubaly na Wawa, nandritra ny lahateny fanokafana ny festival Somaroho tany Nosy-Be, ny alakamisy lasa teo. Nangataka tamin'ny Filoha izy ny hamoahana am-ponja amin'izay ilay Mpanjakavavin'ny salegy. « Ampy eky zay, na teo aza ny fahadisoany. Na mbola tsy vita aza ny saziny dia tokony havela hipetraka amin'ny tranony izy, na misy mpiambina aza, » hoy Wawa tamin'izany. Tsy i Ninie ihany no gadrain'ny fitondrana Rajoelina tsy an-drariny sy noho ny resaka politika toy izao, fa tokony havoakany amin'izay ireo rehetra hianjadian'izany, izay mbola voatazona amponja ankehitriny, toa andry Claudine Razaimamonjy, Rolly Mercia, Berija, Lola Rasoamaharo, Mbola Rajaonah, Beari Marcellin,… mba hisian' ny fitoniana amin'izao hiatrehantsika fifidianana izao, sy ao aorian'izany.

***Ny Valosoa***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Governora misain-jaza
### Nentiny nilalao ny fiaram-panjakana

**Ny Valosoa :** governora misain-jaza no misy any amin'ny faritr Boeny, nentiny nilalao ny fiaram-panjakana.

**Patrick Andriamahefa :** mamindra ve ny aretina tsy mikatona loha malemy e? Gouverneur-n'i Mahajanga lery! Fiaram-bahoaka (plaque rouge) no entina manao gymkhana. Na hilaza aza hoe: " sendra mba nanao tour de piste fotsiny !" d'efa nampiasa fananam-bahoaka t@ tsy tokony ho izy! Mahay mi-drift ingahy gouverneur izany an? Zaza saina tssssss!!!

**Maman Mahery :** efa nikatona fa miverina misokatra lay loha malemy kah !

**Peter Ralaimihoatra :** mahay ry zalahy ao Garage administratif ao a!

**Rodman Ihany :** rehefa vahoaka tsy sarotiny, inona moa no tokony atahorany ?

**Mbeloarinivo Rakotovololomahefa :** namovoka kely fotsiny e !

**Robine Andrianilana :** nga fanaovana zany moa izy reny ? D raha simba, iza ndray no mandoa? Misaina @inona ary lay gouverneur e?!

**Andria Maman Izy Tell :** tsy plaque rouge zany io fa lay vovoka no antony.

**Mc Sim Besson :** tena fahantrana ara-tsaina !

**Mamynirina Rafanomezantsoa :** zao anie lay ef nolazaiko e! GASY MANAM-BASY, LALITRA AZA TIFIRINY , miampy iray ndray zany zao lay fiteny , GOVERNORA EFA AKAIKY HIONGANA FIARAM-PANJAKANA AZA ANAOVANY RALLYE , Dia hoy ny vahoaka hoe : mpitondra dedaka!

**Pa Andriano :** mbola mendrika ny homena fahefana ve ny olona toy izany? Raha izaho no teo @ toerana, dia fiarako manokana no nentiko.

**Senilat Rahariminus :** Kkk ! an' i baba sa an' i mama ozy Ragôva.

**Tafita Toussaints Livarijaona :** aiza i Député Ninà hibedy azy imasom-bahoaka?

**Sylvia Stelanoni :** izy mihitsy ve no pilote ?

**Domoina Rasamoelson :** en gros, izao izany ve no hanaovana hoe tena mila 4x4 mihitsy ny tompon'andraikitra ambony aloha e ?

**Pascal Sy Aina Ramahandrisoa :** io koa ve plaque rouge fa tsy menamena fotsiny e! tsy blem letsy io fa pays de Moramora anie tsika e !

**Voninkazo Mbolatiana :** raha azoko tsara dia tsisy mandeha @ zay laoniny daholo izy ity mon ami a !



## TONONKALO

### Antson' Itaosy Miray

Itaosy miray ihany re f'aza fady
No mampiaka-peo f'efa tena mafy ady.
Tsy misy mamiratra ny eto an-tanàna
Kanefa efa be ny fampanantenana !

Ny « ambotaka » aloha mampiteny ny moana :
Raha miainga eny Itaosy ary hamonjy fotoana,
Dia efa kajiana ho tsy maintsy ora iray,
Ny Itaosy ho eo Ampasika fotsiny izay !

Ny filoha raha nandalo dia nampanantena
Fa hoe « iray volana » ihany no omena,
Dia tena hilamina ny « ambotaiazy »,
Kinanjo dia resaka fotsiny ny azy.

Fa tsisy fiovana ny ety aminay.
Resabe no nataon'ilay anankiray !
Efa tsy mahagaga ary tsy maharototra,
Ireo laingabe nefa marivo tototra !

Ankoatry ny resaka « ambotaiazy »
Dia tena manjaka ny « delestazy ».
Fanampiny ny fijaliana isan-trano,
Fa tontolo andro tsy misy ny rano !

Santionany ihany ireo notanisaina,
Fa lava ny lisitra raha holazaina.
Fandriampahalemana aleo tsy tenenina,
Fa mila hihisatra hatramin'ny penina !

…Ka aminay , efa be ny ala nenina
Fa ny mpitondra no toa bemarenina.
Itaosy miray koa mba leom-boanana,
Ka miandry fotsiny ny fifidianana !

***IRINA HO TAFITA (02-08-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, JC, Lita

**Fihaonamben'ny Tanora TIM Toamasina voalohany ny faran'ny herinandro teo, tao amin'ny Magro Ambodisoanambo.**










**Fifaninanana foot à 7, nokarakarain'ny FC Amirale, tao amin'ny kianja Academica Andohatapenaka, ny alahady tolakandro teo.**










## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry."*

***Efesiana 5:15***

LALAON'NY FRANKOFONIA ANDIANY FAHA-9

# Medaly niisa 9 no voandalana azon'ny Malagasy

Nifarana tamin'ny alahady 06 aogositra 2023 tao amin'ny kianja «Stade des Martyrs Kinshasa », tamin'ny alalan'ny seho nisokatra hoan'ny dahobe ny lalaon'ny Frankofonia 2023, natao tany Kinshasa RDC ary natokana hoan'ny sokajy taona « 18-35 taona », izay nahavory mpandray anjara niisa 3500 ary mpifaninana nahatratra 2000, ka niangaliana ny fifaninanana ara-javakanto (niisa 11) sy ara-panatanjahantena (niisa 9). Firenena niisa 37 no nahatonga delegasiona tany Kinshasa ka 600 isa ireo mpanao gazety « accrédités» tao anatin'izany. Nisongadina ny athleta Maraokanina nitana ny laharana voalohany tamin'ny fahazoana medaly, izay nahatratra 58 (volamena 23, volafotsy 16 ary alimo 19) tamin'ity andiany faha-9 ity. I Roumanie no nitana ny laharana faha-2, medaly 38 (volamena 17, volafotsy 9 ary alimo 12) ary i Cameroun no laharana faha-3, medaly 40 (volamena 13, volafotsy 13 ary alimo 14). Tany amin'ny laharana faha-9 no nisy an'i RDC mpampiantrano nahazo medaly 34 (volamena 5, volafotsy 11 ary alimo 18) ary laharana faha-13 i Madagikara, medaly 9 (volamena 3, volafotsy 4 ary alimo 2). I Cameroun no nandrombaka ny medaly volamenan'ny fifaninanana baolina kitra rehefa nandavo an'i Burkina Faso 2-1 teo amin'ny lalao famaranana.




*Lalao Frankofonia 2023 tany Kinshasa.*

***Rainilita***

Championnats Nationaux basket U18, 2023

# Ny Bcf sy Lucadro no tafavoaka ho tompondaka

Nifarana tany Ambositra tamin'ny alahady 06 aogositra 2023 ny fifaninanana basikety « Championnats Nationaux U 18, 2023 », ka tafavoaka ho mpandresy tamin'izany ary nisalotra ny anaramboninahitra tompondakan'i Madagasikara sokajy U18 zatovovavy ny ekipan'ny Lucadro Analamanga, nandresy ny Jea Vankinankaratra teo amin'ny lalao famaranana ary teo amin'ny sokajy zatovolahy ny ekipan'ny Bcf Amoron'i Mania nandavo ny ekipan'ny Ebf Matsiatra Ambony teo amin' izany famaranana izany. Ireo mpilalao nahazo amboara sy ny filaharan'ireo ekipa farany : Sokajy zatovovavy : -« MVP » : Rasoanomenjanahary Anjatiana N°11 Lucadro Analamanga, -« Meilleure Marqueuse » : Rakotonirina Koloina N°5 EBF Haute Matsiatra ( 99 Points), -« Quatrième Place » : Phoenix Vakinankaratra, -« Troisième Place » : Dunamis Analamanga, -« Vice Championne » : JEA Vakinannkaratra, -« Championne » : Lucadro Analamanga. Sokajy zatovolahy : -« MVP » : Ralison Fitiavana N°11 BCF. Amoron'i Mania, -« Meilleur Marqueur » : Razafimahatratra Martin N°35 Fandrasa Haute Matsiatra (154 Points), -« Quatrième Place » : Fandrasa Haute Matsiatra, -« Troisième Place » : Fandrefiala Analamanga, -« Vice Championne » : EBF Haute Matsiatra, -« Championne » : BCF Amoron'i Mania. Vokatry ny lalao ankatoky ny famaranana natao tamin'ny asabotsy 05 aogositra 2023 Sokajy zatovovavy : Dunamis Analamanga 41 – 55 Lucadro Analamanga, Phoenix Bira Vakinankaratra 43 – 61 Jea Vakinankaratra. Sokajy zatovolahy : Fandrefiala Analamanga 55 – 57 Ebf Matsiatra Ambony, Bcf Amoron'i Mania 68 – 54 Fandrasa Matsiatra Ambony.




*Ekipa tompondakan'ny basikety U 18 lehilahy 2023.*

***Rainilita***

Ligue des Champions 2023 - Championnat D2 National

# Miditra amin'ny andro faha-3 ny fifaninanana rahampitso

Miditra amin'ny andro faha-3 ny fifanintsanana isam-bondrona, eo amin' ny fifaninanana baolina kitra « Ligue des Champions 2023 - Championnat D2 National », tontosaina any Ambanja sy Toliara ary Tsiroanomandidy sy Ambatondrazaka, rahampitso alarobia 09 aogositra 2023, ka ireto avy ireo lalao harahina any amin'ireo « Site » 4 ireo hanomboka amin'ny 10 ora maraina, sy amin' ny 12 ora atoandro ary amin'ny 3 ora tolakandro : As Vilatsika # Five Fc, As Justice # Fc Zoya, Espoir, kfca, Fca # 3Fb, As 3a # Tgbc, Fc Rouge # Fct Analavory, Mtm # As Jfc, Fc Leader # Jet, Fc Inate # Fc Zanagasy, Gjft Betania # Fc Jm, Fc Menanara # Tsaraofana, Fc Jsa Level # Fc Vert Blanc. Voka-dalao andro faha-2, alahady 06 aogositra 2023 Site Ambanja, vondrona A : As Justice Sofia 1 - 1 Five FC, As Vanilantsika Sava 2 - 4 Espoir Betsiboka, KFCA Diana 1 - 3 FC ZOYA Boeny. Site Ambatondrazaka, vondrona B : FC Rouge Analamanga 1 - 1 AS3A Amoron'i Mania, FCT Analavory Itasy 2 - 0 FCA Analanjirofo, TGBC Atsinanana 0 - 0 3FB Alaotra Mangoro. Site Tsiroanomandidy, vondrona C : FC Zanagasy V7V 1-2 FC Leader Menabe, AS JFC 1-3 FC INATE Vakinankaratra, JET Bongolava 4-0 MTM Melaky. Site Toliara, Vondrona D : Tsaraofana Matsiatra Ambony 2 - 0 FC JSA Level Ihorombe, FC JM Androy 2-2 FC Blanc Vert Anosy, GJFT Atsimo Andrefana 4-0 FC Menagnara Atsimo Antsinanana.



*Ekipa mandray anjara amin'ny D2 Nationale 2023.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Tongo-kisoa ritra indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny harerahana be na fatigue générale

Fanafana amin'ny harerahana be na fatigue générale indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Ny antony mahatonga azy : ny tsy fampiasana vatana , ny tsy fahampian'ny torimaso , stress na rarintsaina, ny fihinanana fanafody , fisotroana alkaola, fisotroana kafe be loatra, matavy loatra , fifohana zava-mahadomelina , tsy fihinanana sakafo ara-pahasalamana , ny fihetseham-po.
Ny aretina : toy ny anemie ( tsy fahampiana rà ), aretin'ny vanin-taolana, tazo , sery , kohoka), malaik'homana , aretin'ny fo, cancer, diabete , aretin'ny voa, aretin'ny havokavoka dia mety mahatonga ny faharerahana be avokoa.
Mety ho vokatry ny faharerahan-tsaina , fikorontanantsaina , olana , tahotra, ahiahy, fahakiviana koa ny fatigue générale…
Fomba fitrangany :



- Mafana hoditra , misy tazo.
- Mihena ny lanja.
- Mora mangatsia.ka ny vatana
- Te hatory matetika.
- Mando rà.
- Marary loha matetika.
- Misy manindrona ny tratra
-Sempotra.
- Marary kibo eo ambanin'ny foitra.

Sakafo tsara ary afaka miady amin'ny harerahana be : hanina matetika :
- Akondro
- Trondro ( sardine, saumon,…)
- Noix , amande.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Vohibinany na Brickaville any amin'ny faritra Atsinanana




Ny tanànan'i Vohibinany na i Brickaville any amin'ny distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina sy ny distrikan'i Brickaville ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Anarany hafa amin'ny teny gasy koa ny Ampasimanolotra. Lalovan'ny lalampirenena faha-2 (RN2) ity tanàna ity, lalovan'ny lalamby mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina koa na ny TCE. Tsy tena amoron-dranomasina i Brickaville na i Vohibinany, satria 10 km miala ny tanàna vao mahita ranomasina. Lalovan'ny ranomamy roa kosa izy dia ny reniranon'i Rianila, sy ny Lakandranon'i Pangalana. Vokatra any ny vary, ny fary, ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi, ny ampalibe, ny soanambo, ny longoza. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Manana orinasa mpanao siramamy sy toaka koa ity tanàna ity dia ny Sirama Brickaville izany.

FANAFIHANA CASH-POINT TAO VATOFOTSY

# Mbola tsy misy mangirana ny raharaha

Tsy mbola nahitana mangirana hatreto ny fitadiavana ireo andian-jiolahy manodidina ny 18 isa, nanafika ilay fianakaviana mpanao cash point no sady mpivarotra enta-madinika ao Miaramasoandro-Vatofotsy Antsirabe faritra Vakinankaratra ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny fito ora hariva. Samy efa nalaina am-bavany avokoa ireo voatafika, saingy mbola tsy fantatra kosa ireo nahavanon-doza, ka sady nandrava ny fananan'izy ireo no mbola nandratra azy mianaka lehilahy ihany koa.



Ny tanànan'i Vatofotsy Antsirabe.

Raha tsiahivina dia jiolahy roa no nanaraka afara azy ireo raha efa niandry teo amin'ny kizo ny namany. Nitaky vola avy hatrany ireo olondratsy, ka lasa tamin'izany ny vola 600.000 ariary sy ny entam-barotra maro. Teo am-piantsoana vonjy ilay raim-pianakaviana no notsindromin'ireo jiolahy tamin'ny sabatra ka naratra mafy ny lohany sy ny tanany. Nitifitra ihany koa ny iray tamin'izy ireo ka nahavoa ny zanakalahin'ity fianakaviana ity, izay marihina fa efa in-droa voatafika.

Asa na noho ny tahotra tamin'ilay poa-basy fa dia tsy nisy namonjy azy ireo ny manodidina.

Antso avo amin'ny mpitandro filaminana no ataon'ireto voaroba fanana ireto, mba hijery akaiky ny lafiny fandriampahalemana izay mampitondra faisana ny maro eto Antsirabe amin'izao fotoana izao.

**Ambininotsoa**

Sekolin'ny Zandarimariam-pirenena Ambositra

# Entina hatreny an-kianja koa ny fanofanana

Entina hatreny an-kianja ny fanofanana ho an'ny sekolin'ny zandarimariam-pirenena any Ambositra. Nohgo izany, nanatanteraka dia lavitrezaka fatao amin'ny alina mandramaraina nahatratra 50 km ireo mpianatra avy ao amin'ny andiany faha-77, izay notarihan'ny Jeneraly Komandin'ny Sekolin'ny Zandarimaria Ambositra, sy ireo mpanofana rehetra, ny faha 04 aogositra lasa teo. Fampivoarana ny herim-batana sy herin-tsaina ary fahaiza-mampiasa ny fitaovam-pifandraisana nanahary (maso, sofina, hoditra, rivotra, fihetsika, hakingana...) ary indrindra fahaiza-mandrindra ny fiaraha-mientana eny an-kianja, no votoatin'ity sokajim-panofanana ity.

Hiaka feno fahavononana no nentin'izy ireo nanatanterahana izany ary hita teny amin'ny endrik'izy ireo, fa manana hambompo hanompo ny mpiray tanindrazana. Hivoaka ny Sekoly afaka fotoana vitsy ity andiany faha-77 ity raha hisedra fifaninanana amin'ny 16 septambra kosa ny andiany manaraka.

**Niaina**



Fanofanana teny an-kianja nataon'ireo mpianatra ho zandary.

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Manana ny boky mirakitra ny fanavotana ny firenena

Ny boky no anisan'ny mpampianatra tsara indrindra, hoy ny mpandinika. Mila mamaky boky ny olom-pirenena hahazoana fahalalana. Ny tsikaritra anefa dia ireo tia fianarana sy avara-pianarana mikasa ny hanao fandalinana no hita voasarik'izany. Mampihemotra ny famakiam-boka amin'izao fotoana izao ny fisian'ny fitaovan-tserasera môderina amin'alalan'ireo tambajotra sosialy samihafa. Hafa ihany anefa ny olona vita fianarana manana diplôma namaky boky sy ny tsy namaky boky. Maro ireo boky mirakitra fahalalana mila rantovina eto amintsika indrindra raha te handalina ny momba ny hanarenana ity firenena ity sy hanàla azy ao anatin'izao toerana misy azy ankehitriny izao. Iray amin'ireny ny boky novokarin'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), nosoratan'ny filohany, Ricky Andriamparany. Miisa fito ireo boky ireo ary mirakitra lohahevitra samihafa vokatry ny fanadihadiana lalina sy fikarohana natao manerana ny Nosy ho fanavotana ny firenena. Ny voka-pikarohana dia voaporofo ara-tsiansa fa mitombina tanteraka afaka hanarenana ny firenena. Anisan'izany ny momba ny resaka fihavanana, ny harem-pirenena ka ny olona no voalohany aloha, sy lohahevitra maro hafa mahaliana, indrindra ho an'ireo mpikaroka na ihany koa ireo mitady lalana hamoahana ny firenena ao anatin'ny fahantrany izao sy hirosoana marina ho amin'ny fampandrosoana, ka hanandratra azy mba hitovy amin'ny firenen-kafa efa misandratra.




Boky efa novokarin'ny AFK.

Ny taona 2021 no namoahana azy ireo ary miparitaka eny amin'ny trano famoaham-boky eto an-drenivohitra ka azon' ny rehetra jifaina. Raha misy ihany koa ireo te hahafantatra bebe kokoa momba ny AFK, dia afaka miantso ny 034 17 460 53. Tsiahivina hatrany, fa ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika, fa ny fantanterahana ny Vinan'Andriamanitra ho an'ity Madagasikara ity no tanjony.

**Aris**

Kianja Academica Andohatapenaka

# Miha-miroborobo ny tournoi FC Amirale

Miha-miroborobo amin'izao fotoana ny fifaninanana baolina kitra lalaovina olona7 na foot à 7 ao amin'ny kianja Academica Andohatapenaka, izay karakarain'ny ekipa foot à 7 : FC Amirale ary tohanan'i Amirale Van Alexandre, tanora malagasy mipetraka any ivelany ary mandalo eto an-tanindrazana amin'izao fotoana. Niditra tamin'ny herinandro faha-2 ny fifaninanana ny alahady tolakandro teo, nikatroka tamin'izany ny FC Amirale zokiny sy ny FC Amirale zandriny, ny vokadalao nandritra izany, nivoaka mpandresy nandritra izany ny FC Amirale zandriny, nanoloana ny FC Amirale zokiny, tamin'ny isa 5 no ho 4. Nambaran'ny mpikarakara isany Rakotobe Bertrand sy Rakotobe Andry fa mbola hiitatra amina ekipa maromaro izao fifaninanana baolina kitra foot à 7 izao, amin'ireo ekipa eto Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina. Efa mandray anjara amin'izany ny avy amin'ny fokontanin'Anatihazo, Soanierana, Itaosy,… Ny tanjona hoy izy ireo dia fifampitaizana eo amin'ny baolina kitra, eo amin'ireo mpilalao baolina kitra zokiny sy zandriny, satria efa nisy nilalao tamin'ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny baolina kitra ireo zokiny ao amin'ity ekipa ity, sy ho fidirana ihany koa eo amin'ny ligin'ny baolina kitra Antananarivo. Ireo zandriny dia tanora eo anelanelan'ny 16 sy 18 taona. Natao foot à 7 ny fifaninanana, satria izany no tena ahafahana haingana mifehy ireo teknika fototry ny baolina kitra.

**Lita**



Ny FC Amirale, tao amin'ny kianja Academica Andohatapenaka, ny alahady teo.

Jiu-Jitsu-Open Nogi

# Nahery ny klioban'i Checkmat

Ny mpikatroka avy amin'ny klioban'i Checkmat no nahery tamin'ny ankapobeny, fa nibata fandresena, ka nibata medaly niisa 14 tamin'ireo 33 niadiana tamin'ny fifaninanana Jiu-Jitsu « Open Nogi » (sokajin-taona rehetra), nokarakarain'ny Federasiona Malagasin'ny Jiu-Jitsu niaraka tamin'ny « Combat Club 101 » tarihan'ny filohany, Ranarivelo Xavier Badoda, izay nanamarika ny tsingerin-taona voalohany nitsanganany amin'ity taona 2023 ity. Teny amin'ny Batou Beach Ambohimanambola, no notontosaina ity hetsika ity tamin'ny sabotsy 05 aogositra 2023 lasa teo ary natao indrindra hifantenana an'ireo athleta mendrika indrindra hisolontena an'i Madagasikara any amin'ny fifaninanana « Jiu-Jitsu Pro Tour » hatao any amin'ny Mubadala Arena any Abu Dhabi amin'ny volana septambra 2023 ho avy izao. Marihana fa mpandray anjara nanodidina ny 100 isa avy amin'ny kliobana jiu-Jitsu niisa 13 no niatrika an'ity fifaninanana ity.



Jiu-Jitsu teny amin'ny Batou Beach Ambohimanambola.

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**05/07/2023 hatramin'ny 12/08/2023**

- **MIARO** (Galerie Aro Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1460-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**Orinasa « Bioplantes Madagascar »**

# Mila tohana ny fanodinana zavamaniry fanao menaka sy fanafody

Mamotika an'ireo orinasa Malagasy misehatra amin'ny famokarana sy fivarotana zavamaniry fanao ny menaka na lohamenaka sy fanafody (Huiles essentielles et huiles vegetales) ny ampihimamba ataon'ireo mpandraharaha vahiny, izay manjakazaka amin'ny fitrandrahana sy ny fandraharaha hatrany ny tsena eto Madagasikara. Nandray anjara tamin'ny tsenaben'ny " Fier Mada" izay notanterahina tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ny orinasa "Bioplantes Madagascar", mba hitady mpanjifa sy mpiara- miasa ary mpiara-miombon'antoka, ho fitadiavana lalam-barotra hoentina hanatsarana ny vokatra azo avy amin'ny zavamaniry. Nanazava Andriamatoa Rajaofetra Auguste mpitantana ny orinasa "Bioplantes Madagascar", fa mihasarotra ny mitady ny toerana ahitana zavamaniry fanodina ho menaka sy lohamenaka sy fanafody amin'izao fotoana izao, satria bodoin'ireo mpandraharaha vahiny izay miaramiasa amin'ny manam-pahefana eny ifotony ny tany sy ny vokatra, ka tsy maintsy mifindra toeran-kafa indray ny mpitrandraka zavamaniry fanao lohamenaka sy fanafody eto an-toerana ary manampy trotraka ny zavamisy ny sivana ataon'ireo tompon'andraikitra eny ifotony amin'ireo mpitrandrak, ka sarotra amin'ireo orinasa madinika no hampiakatra ny taham-pamokarana. Nanamafy Andriamatoa Rajaofetra Auguste, fa tsy afaka mivelatra amin'ny tsena iraisam-pirenena ny mpandraharaha amin'ny zavamaniry fanao menaka sy lohamenaka sy fanafody, satria midangana be ny vola aloa amin'ny "Eco-cert", mba hahazoan'ny vokatra fanamarinana ho "Bio-naturel" ary mananosarotra ihany koa ny fanondranana ny vokatra, satria sarotra ny fikarakarana ny antotan-taratasy fahazoan-dalana mikasika izany eto Madagasikara. Nandroso soso-kevitra ny mpitantana ny orinasa "Bioplantes Madagascar ", fa tokony hanangana" laboratoire "afaka mitsirika sy manome "Certification Bio " entina hanamorana ny fanondranana ny vokatra zavamaniry fanao menaka sy lohamenaka sy fanafody ny fitondram-panjakana, mba hitsinjovana an'ireo mpandraharaha Malagasy ary fotoana tokony hivondronan'ny mpisehatra amin'ny zavamaniry fanao menaka sy fanafody izao, mba hiara- mientana amin'ny fanamorana ny fanondranana. Miandry ny tolo-tanana avy amin'ny fitondram-panjakana ireo orinasa Malagasy misehatra amin'ny zavamaniry fanao menaka sy fanafody, mba hampiroboroboana ny fihariana, satria mbola tsara toerana i Madagasikara manerana an' izao tontolo izao raha ny fampivelarana ny vokatra "Bionaturel" no resahana. Tsiahivina fa efa 16 taona no nijoroan'ny orinasa "Bioplantes Madagascar" ary tsy mitsahatra mandray anjara amin'ireo hetsika ara-barotra ahafahana mampiroborobo an'ity fihariana ity izy ireo.



*Ny orinasal Bioplantes teny amin'ny Fier-Mada ny herinandro lasa teo.*

**Franck razakambelo**

Coupe et Couture CFP Gica Ambolokandrina

# Mpiofana arak'asa nahazo diplaoma ara-panjakana



*Ramatoa Tsimiava Germaine, talen'ny coupe et couture CFP Gica Ambolokandrina.*


Mpiofana arak'asa momba ny coupe et couture CFP Gica Ambolokandrina eto Antananarivo renivohitra no nahavita fiofanana, ka nahazo diplaoma arapanjakana ny faran'ny herinandro teo. Nambaran-dRamatoa Tsimiava Germaine, talen'ity foibe fanofanana arak'asa momba ny zaitra avo lenta ity, fa 3 volana ny cours accéléré ao amin'ny CFP Gica, 6 volana kosa ho an'ireo manala fanadinana ara-panjakana. Ny fanadinana nataon'ireo mpianatra vao nahazo diplaoma ireo dia misy ny teôria, misy ny pratika momba ny fanjairana avo lenta ihany koa. Noho izany, ireo mpianatra nahavita fiofanana tao amin'ity foibe fanofanana arak'asa tsy miankina ity dia afaka mitady asa amin'ireo ateliers momba ny zaitra tsy miankina, fa ny ankamaroan'izy ireo kosa dia manangana toerampiasana fanjairana ho azy ireo manokana, mbola misy ny fanampian'ny CFP Gica azy ireo amin'izay famoronany asa ho an'ny tenany izay. Saika tanora mpianatry ny Oniversite avokoa ireo miofana momba ny zaitra ao amin'ny CFP Gica, na izany aza, misokatra ho an'ny rehetra ny foibe fanofanana. Atsy ho atsy araka ny nambaran'ny talen'ny sekoly dia mety hanokatra ny resaka coiffure na fanetezam-bolo ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy koa izy ireo.

**Aly**

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 441**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0440)


***Mitsivalana***

- Fahotana
- Avela (miv)
- Renirano
- Ahy (miv) – Ar
- Ta – Ako
- Nisava (miv)
- Anay – Iva

***Mitsangana***

- Faritra
- Aleha
- Hena – AA
- Ovy – Avy
- Tarika
- Osy
- Nana – IV
- Orona

## TENY MIFANAPAKA N° 441




**Mitsivalana**

**1.** Loka sy amboara izay zaraina *2.* Bengy – Fanontaniana **3.** Finoana **4.** Toby fianarana – Karazana sazy **5.** Tampisaka – Mailo, mahina, mandamin-tsaina **6.** Mpisolo tena (miv) – Lehilahy **7.** Isa omena **8.** Karazam-by (miv) – Natoky **9.** Taova – Satria – Ariary **10.** Mari-drefy – Haja sy voninahitra – Renirano

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka ao amin'ny fokontany **B.** Raharaha izay atao – Zanak'i Dada – Tsy sarotra (BR) **D.** Nandeha soavaly sy moto **E.** Ao amin'ny boky – Simba sy masiso **F.** Tsy mikorontana **G.** Marika – Mitempo **H.** Olona be taona **I.** Vizana – Marikandro **J.** Mampisafidy – Mitsako (BR) **K.** Fanadinana – Mahantra

## Valiny Teny mifanaraka 0440

**Mitsivalana**

**1**.Matoanteny **2.** IF - Aloa (miv) **3.** Notolorana **4.** OM - Vato (miv) **5.** Sambava - Ao (miv) **6.** Penina **7.** Taolana - IA **8.** RN - Osa - DDT **9.** Adinony - Ro (miv) **10.** Ahitana

**Mitsangana**

**A** Minisitra **B.** Afo- (M)ando **D.** Tompo **E.** Olombelona **F.** Hosana (miv) **G.** Nao - Vinany **H.** Toroana - Ti (miv) **I.** Tale (miv) **J.** Nanao - Nody (miv) **K.** Avaratra

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Didimpoitra maiamaimoana faobe nokarakarain'ny Rossignol Group Mada sy ny Tanora Tim Ambohimanarina ny sabotsy teo, tao amin'ny sekoly Rossignols Ambohimanarina.










Ny fampisehoana niarahana tamin'i Njila sy Poopy tao Antasahanitra ny alahady teo.







